VOLY RAKOTRA

## Faritra maika eto Madagasikara

# Fifandimbiasam-boly amin'ny ambatry an-tanety



- Voly anisany hiadiana amin'ny kere
- Hiarovana ny tany amin'ny riaka sy ny tsioka atsimo
- Hanatsarana ny firafitra sy ny fahalonaky ny tany ao anatin'ny fotoana fohy

# Ny antony hambolena ny ambatry

Fomba mahazatra




Olana




Vahaolana




## Tombotsoa mety ho azo




**Ambonin'ny tany**

- Miaro amin'ny fikaohan'ny rivotra ny nofon-tany
- Miaro ny firafitry ny tany amin'ny patrak'orana
- Mitahiry ny rano (ranon'ando) sy mampihena ny fahamainan'ny tany
- Manatsara ny tsiron'ny tany
- Azo atao sakafo ny voany
- Azo homena ny omby ny raviny

**Ambanin'ny tany**

- Mampitombo ny tahan'ny roka
- Mampiakatra ireo singa lasa lalina anaty tany
- Mamaky ny andrin-tany
- Mampitombo ny asan'ireo zavamanan'aina ao anaty tany
- Manatsara ny fitsihan'ny rano
- Mampiasa ny rano nitsika lalina ka afaka manome zava-maitso maharitra mandritra ny main-tany

Voly maharitra 3-4 taona

Maharakotra ny tany manomboka ny faha 2 taonany (herintaona raha tsara ny tany)

Mety amin'ny tany mainty, tany fasika (sable blanc littoral), ary ny tany mena fasihana (sable roux)

Mahatanty main-tany

Tsy mahantanty rano miandrona

Maniry amin'ny faritra hafa ihany koa ankoatra ny faritra maika ny ambatry

# Fambolena ny ambatry

**Tanjona :** Mamokatra ambatry handrakotra haingana ny tanimboly

## Fotoana fambolena

Raha volena samirery dia janoary – febroary, mahaharo rivotra avy hatrany ny taona manaraka, saingy kely ny vokatra

Raha ampiarahana amin'ny ampemba na bajiry dia volena andro iray, alohan'ny faran'ny volana desambra

Raha oktobra – novambra, dia maro fahavalo (aretina sy bibikely) sy tsy mahantaty danin-kandro, nefa mamokatra kokoa


Tsara raha mampiasa zezim-pahatra tsy misy voan-draketa mena

## Elanelan'ny voly

**Ambatry samy irery**

Volena 50 sm x 25 sm : mila voa 80 – 100 g / 1 ara, masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

**Ambatry miaraka amin'ny ampemba na bajiry**




Ambatry : mila voa 60 – 80 g / 1 ara, masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

Ampemba (30 – 50 g /1 ara) na bajiry (60-80 g / 1 ara) : iray tsongo isan-davaka, ka fotony roa no havela



## Famonoana ny ambatry sy fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka

Tombohana amin'ny angady ny fotony andro vitsivitsy alohan'ny fambolena amin'ny taona manaraka


Raha mbola misy tahony kely mitranga dia mety mbola hisy tsiriny handeha ny ambatry

Tsy tsara vonoina aloha loatra ny ambatry sy ny voly miaraka aminy, sao lasan'ny tsioka atsimo na lanin'ny votry

Raha midadasika ny tanimboly dia tsara raha tsy tapahana ny laharandroa ny ambatry, isaky ny 10 m ho lasa fefy velona

# Fametrahana sy fitantanana isan-taona ny valavelona ambatry

**Tanjona :** Miaro amin'ny tsioka atsimo sy manatsara ny tsiron'ny tany




**Tany tena ratsy : 1 2 3 4 5**

Volena mielanelana 0,50 m x 0,25 m ny ambatry

Esorina ny soritra iray amin'ny roa

Ratsanana 1 m miala ny tany ny sampan-taho voalohany, ny volana novambra

Avela ho valavelona ny soritra 2 isaky ny 5 m, ny ambiny vonoina

Mamboly ambatry vaovao, soritra 2, eo ampovoan'ny valavelona roa

Vonoina ny valavelona ambatry izay novolena taona 1

Avela ho valavelona ny ambatry izay novolena taona 3, isaky ny 10 m

Mamboly ambatry vaovao indray , hatao valavelona amin'ny taona manaraka




**Tanimboly mbola azo volena : 3 4 5**

Mamboly valavelona ambatry, soritra 2 isaky ny 5 m, izay havaozina isaky ny 3 taona

Hitarina ho 10 m ny elanelany ny taona 2, rehefa mihatsara ny tsiron'ny tany



**Tanimboly mamokatra : 4 5**

Mamboly valavelona ambatry, soritra 2, miaraka amin'ny bajiry isaky ny 10 m, izay havaozina isaky ny 3 taona

**Voly anelanelan'ny valavelona :**
Manao fifandimbiasam-boly na fampivadiam-boly

| Raha mbola ratsy ny tany | Rehefa mihatsara ny tany |
|---|---|
| Mangahazo miaraka amin'ny Cucurbitacée (voatango, voatavo, voazavo), ny taona 1 | Azo atao daholo ny voly rehetra, bajiry miaraka na mifandimby amin'ny mucuna, antaka, lojy na ireo voly sarotiny toy ny tsako |

